



Nandray anjara tamin'ny fankalazana ny andro iraisam-paritry ny VOI ny teo anivon'ny Association Famelona. Izany dia notontosaina teto Ambanja ny faha 15 Oktobra lasa teo. Ny fankalazana dia nokarakarain'ny faritra DIANA sy ny avy eo amin'ny Fitaliavam-patritry ny Tontolo iainana sy Fandrosoana lovain-jafy. Tonga nanome voninahitra ny lanonana ireo solombavambahoaka voafidy taty amin'ny faritra, sy ireo manam-pahefana maro hafa. Anisan'ny nanotrona izany Andriamatoa DARKHAOUI Siritis, ny Governoran'ny faritra DIANA Andriamatoa DAODO Arona Marisiky.

L'Association Famelona a participé à la célébration de la journée régionale du VOI. Cela a été célébrée à Ambanja le 15 octobre. La célébration a été organisée par la région DIANA et de la Direction Régionale de l'Environnement et de Développement Durable. Les députés élus de la région DIANA, et de nombreux autres responsables sont venus honorer la cérémonie. Monsieur DARKHAOUI Siritis, le Gouverneur de la région DIANA Monsieur DAODO Arona Marisiky étaient parmi les présents.

LYCEE BEMANEVIKY HAUT SAMBIRANO DISTRICT AMBANJA



Nohon'ny fahatsaran'ny voka-panadinana Bakalorea nisy fankalazana natao tao amin'ny Lycée Bemaneviky Haut Sambirano. Antony iray nanatontosana ny lanonana ihany koa ny fahavitan'ny foto-drafitrasa maro isan-karazany. Tao koa ny fitombon'ny isan'ny mpianatra izay manovo fianarana ao amin'ny sekoly. Notontosaina ny faha 21 Oktobra 2022 lasa teo izany.

En raison des bons résultats de l'examen du Baccalauréat, une célébration a eu lieu au Lycée Bemaneviky Haut Sambirano. Une autre raison de la tenue de la cérémonie était l'achèvement de diverses infrastructures. Il y avait aussi une augmentation du nombre d'élèves qui étudiaient à l'école. La célébration a eu lieu le 21 octobre 2022.

FOTO-DRAFITRASA



Vita soa aman-tsara ny EPP vaovao ao Mevadoany Kaominina ambanivohitra Marotolagna. Izany dia drafitrasa napetraky ny solombavambahoaka DARKHAOUI Siritis, izay ao anatin'ny teti-bola CIAD 2022. Ity farany dia eo ambany fitantanan' Andriamatoa DARKHAOUI Siritis. Izy no mametraka ny lamina sy fandaharan' asa rehetra.

Le nouveau EPP a été achevé avec succès à Mevadoany, Commune Rurale de Marotolagna. Il s'agit d'un plan établi par le député DARKHAOUI Siritis, qui s'inscrit dans le cadre du budget CIAD 2022. Ce dernier est sous l'administration de Monsieur DARKHAOUI Siritis. C'est lui qui établit tous les programmes.

FITEFA



Nizara fitaovam-pianarana na kits scolaire ho an'ny mpianatra kilasy T5 ny avy eo anivon'ny fikambanana FITEFA. Ny FITEFA dia Fikambanan' ny Teraky ny Faritanin'Antsiranana. Nahazo cahiers, stylos ary trousse ireo mpianatra.

L'association FITEFA a distribué des fournitures scolaires pour les élèves de la classe de CM2. La FITEFA est une association des autochtones de la province de DIANA, d'où son nom Fikambanan'ny Teraky ny Faritanin'Antsiranana. Les élèves ont reçu des cahiers, des stylos et des trousse.

BEMANGAOKO ANDREFA



Trahatehaky ny vahoaka ao Bemangaoko andrefa- Ambanja ireo mpangalatra ny vato izay entina hanaovana foto-drafitrasa. Ity farany dia hanamboarana sy hanarenana ny lalana mampitohy an'i Ambanja sy Antsifitry. Ny faha 02 ny volana Okotbra 2022 lasa teo no nitrangan'izany.

Les habitants de Bemangaoko ouest-Ambanja ont attrapé les voleurs des pierres qui servent à fabriquer les infrastructures. Ces pierres servent à construire la route reliant Ambanja et Antsifitry.

JIRAMA AMBANJA



Ho fialana amin'ny fahatapahan-jiro eto Ambanja, hisy ny fanafarana moteurs avy ao Ambilobe sy avy any Fort Dauphin. Raha tsiahivina dia misy moteurs dimy ao amin'ny centrale thermique Ambanja, fa ny telo amin'ireo kosa dia misy fahasimbana avokoa. Nohon'izany, roa sisa no mamatsy herinaratra eto an-toerana, izay mamatsy jiro 970 kw. Raha toa ka 1110 kw no ilain'ny vahoaka amin'ny atoandro, ary 1600 kw kosa amin'ny alina.

Afin d'éviter les coupures de courant ici à Ambanja, il y aura des importations de moteurs d'Ambilobe et de Fort Dauphin. A titre de rappel, il y a cinq moteurs dans la centrale thermique d'Ambanja, mais trois d'entre eux sont endommagés. Par conséquent, il n'y en a que deux qui fournissent de l'électricité localement, une électricité de 970 kw. Si les gens ont besoin de 1110 kw le jour et 1600 kw la nuit.

ANTANAMBAO BELINTA



Nahazo vilany, sotre ary vilia ny vahoaka ao Antanambao Belinta, Kaominina ambanivohitra Djangoa, Distrika Ambanja. Izany dia avy amin'ny solombavambahoaka DARKHAOUI Siritis ato amin'ny distrika Ambanja. Nandritra ny fitokanana ny tsangam-baton'ny vehivavy ao an-toerana no nanolorana izany, ny 08 Oktobra 2022 lasa teo.

Les habitants d'Antanambao Belinta, commune rurale de Djangoa, district d'Ambanja ont reçu des ustensiles de cuisine. Le député DARKHAOUI Siritis l'a donné lors de l'inauguration du monument des femmes locales, le 8 octobre 2022.

MANJARISOA AMBANJA



Hahafahan'ny vahoaka ao Manjarisoa-Ambanja ny fiadiana ny tompon-dakamaneran-tanyamin'ny baolina kitra 2022, dia nanome écran plat ny solombavambahoaka DARKHAOUI Siritis. Fangatahana nataon'ny vahoaka ao an-toerana izany, ka notanterahin'ny solombavambahoaka. Nanolotra izany teny an-toerana ny mpanampy lefitry (assistant) ny solombavambahoaka, Andriamatoa NASSIM Abdou.

Pour permettre aux habitants de Manjarisoa-Ambanja de regarder coupe du monde de football 2022, le député DARKHAOUI Siritis a offert un écran plat. C'était une demande faite par la population locale, et elle a été satisfaite par le député. Monsieur NASSIM Abdou, l'assistant du député, l'a présenté sur place.

Parrution réalisé avec le soutien de:



Association
FAMELONA



Centre
de Presse
du Sambirano

Réalisation: Centre de presse du Sambirano

Ont participé à la réalisation de ce bulletin d'information: Kinis Bezandry - Paulin Joelison - Li Andrianasolo - Herintsoa RATSIMBA

Contact: cpsambirano@gmail.com - Octobre 2022